Olomangan'i Madagasikara (6)

Abinal Antoine dia pretra katôlika tany Ars Frantsa tamin'ny 18 janvie 1829 ary tonga teto Madagasikara tamin'ny taona 1863. Izy no pretra voalohany niezaka nitory ny Evanjely tany amin'ny faritr'Ikongo. Izy koa no voalohany nanoratra diksionary frantsay-malagasy voalohany. Nanoratra boky maro toy ny hoe *Tantara ny olomasina*, *teolojia fohifohy*, *Tantara masina*, *Dialogues Français-Malgaches*, *Alphabet Malgache*,sy ny sisa tsy ho voatanisa. Maty tamin'ny 11 nôvambra 1887 izy tao Antananarivo.

Andriamalala E.D na Tsiferana Andriamalala Emilson dia mpanoratra Malagasy anisan'ireo fanta-daza Malagasy teraka tany Toamasina tamin'ny 22 ôktôbra 1918. Maro ireo tantara noforonina nosoratany ka anisan'izany ny hoe *Ranomasina* (1937), *Antso* (1943), *Zazavavindrano* (1945), *Menarana* (1946), *Taolambalo* (1947), *Fofombadiko* (1954), *Hetraketraka* (1962), *Ilay vohitry ny nofy* (1970) sy ny sisa tsy ho voatanisa. Nanoratra boky misy petrakevitra toy ny hoe *Fanagasiana*, *Tanindrazana*, *Haisoratra sy tsikera*, *Maty ve Ratsimandrava*? Namorona tantara azo lalaovina tamin'ny radiô koa izy. Maty tamin'ny volana jiona 1979 izy.

Andriamampihantona Ralaimanga dia mpitandrina teraka tamin'ny taona 1868 tao Ambatofinandrahana ary nalefa nianatra tao Tsimanariloka tamin'ny taona 1882 nanerena ny fandatsahana mpianatra an-tsekoly. Voahosotra ho mpitandrina izy ary nosamborina noho ny tsy fanekeny ny hanakatonana ny fiangonany. Notendrena ho goverinora tao Ambositra izy kanefa dia nametra-pialana niverina ho mpitandrina tamin'ny fiangonana lôterana. Namorona hiram-pivavahana maro izy. Maty tamin'ny 14 aprily 1928 tao Ambatofinandrahana.

Engelvin Ambroise dia pretra teraka tamin'ny 18 fevrie 1884 tany Haute-Loire Frantsa. Tonga teto Madagasikara izy tamin'ny 22 ôktôbra 1911 ka niasa tany atsimo tany Toliara sy Taolanaro. Tafiditra mambra tamin'ny Akademia malagasy izy ary nanoratra boky mitondra ny lohateny hoe *Les Vezo ou Enfants de la mer* sy ny hoe *La belle vie vécue par un missionnaire lazariste à Madagascar de 1911 à 1954*. Naoratra tao amin'ny gazety boky *Marchés tropicaux* sy ny *Revue de Madagascar* koa izy. Nody tany Frantsa izy tamin'ny taona 1953 ary maty tany tamin'ny 23 mey 1968.

Maux Gonzagues dia reliziozy vavy teraka tamin'ny 21 martsa 1831 tany Limoux Frantsa. Tamin'ny 03 ôktôbra 1861 izy no tonga teto Madagasikara ary nanokatra sekoly katôlika ho an'ny zazavavy niaraka tamin'ny namany atao hoe Masera Hortense Petitcoup izay nisy an'i Victoire Rasoamanarivo Olontsambatra. Maty tamin'ny 15 aprily 1910 I Masera Maux Gonzagues.

Rakotozafy Alphonse dia mpampianatra teraka tamin'ny 1908 tao Ampitamanisina Fianarantsoa . Niasa tao Antananananarivo sy Maroantsetra izy talohan'ny nandehanany tany Frantsa nanao fiofanana. Natao ho sekreteran'ny Goverinora Jeneraly talohan'ny nanendrena azy hampianatra tamin'ny *Ecole Régionale* Fianarantsoa. Nandeha nisotra ronono izy tamin'ny taona 1964 kanefa dia nantsoina indray natao Tale malagasy voalohany tao amin'ny *Ecole Normale* Antananarivo hatramin'ny taona 1968. Nitantana ny gazety *Courrier de Madagascar* koa izy ny taona 1959 ka hatramin'ny taona 1964. Maty tamin'ny 23 ôktobra 1969 tao Fianarantsoa izy ary nampitondraina ny anarany ny lalana iray ao an-drenivohitr'i Betsileo sy ny C.E.G eo Tsianolondroa.

Resampa André dia mpanao pôlitika teraka tao Mandabe mahabo tamin'ny 24 jiona 1924. Efa nanao ny asan'ny mpitsara izy talohan'ny nahalasa olom-boafidy nanomboka tamin'ny taona 1952. Voatendry ho minisitry ny Fanabeazana ary ny Raharaha Sôsialy izy tamin'nytaona 1958 ary voafidy ho solom-bavambahoaka ary dia voatendry ho minisitry ny Atitany tamin'ny 14 mey 1959 ka hatramin'ny taona 1970. Izy no Sekretera Jeneralin'ny Antoko P.S.D . Notendrena ho minisitry ny Fambolena izy tamin'ny taona 1970. Nosamborina anefa izy taorian'ny diany tany Etazonia tamin'ny taona 1971 ka hatramin'ny taona 1972 nianjeran'ny Repoblika Voalohany. Nanorina ny antoko P.S.M izy sy Atoa Philibert Tsiranana ary dia mbola voasambotra taorian'ny nahafatesan'ny Kôlônely Ratsimandrava Richard. Voatendry ho minisi-panjakana fotoana fohy izy tamin'ny taona 1991 ary maty tamin'ny 17 mey 1993 tany Morondava.

Profesora Henri Rasamoelina

(Hitohy)